FAMPIANARANA SABOTSY 9 OKTOBRA 2021

NY FIARAHABANA

Ny teny fiarahabana :

Manao ahoana ?

Manao ahoana ianao ?

Manao ahoana tompoko ?

Salama ?(avy amin'ny Shalom)
Tsara fa misaotra, ary ianao manao ahoana ?
Veloma

- Any amin'ny faritra

Akory
Akory aby
Akory aby ianareo ?

- Ny fomba malagasy :

Taombaovao :arahaba mahatratra ny asaramanitra
Teraka : arahabaina nomen'Andriamanitra ny fara, arahabaina nahazo fahasoavana> manome rom-patsa
Arahabaina tratry ny tsingerintaona !
Fahoriana : mamangy ny fahoriana>manome faodranomaso na solon-damba mena
Didi-poitra : arahaba ririnina>manome kilalao
Mamangy marary : manome solondranomboasary

- Fiarahabana apostolika:

Fiadanana !
Miarahaba amin'ny anaran'ny Tompo !

Fitaovana nampianarana :

- Josefa ilay zanaka malala
- Inona no atao raha vao mifoha ?
- Ny aretina ; enti mody

Hira 713

Fampianarana
SABOTSY 23 OKTOBRA

NY FIANAKAVIANA

Tantaran'i Josefa Genesisy 37.1-2
Ny nankahalan'ny rahalahin'i Josefa azy sy ny nivarotany azy ho andevo.

Ary Jakoba nonina tany amin'ny tany nivahinian'ny rainy dia tany amin'ny tany Kanana.
Ary izao ny tantaran'i Jakoba : rehefa fito amin'ny folo taona Josefa, dia niara niandry ondry tamin'ny rahalahiny izy(fa mbola zaza izy), dia tamin'ny zanak'i Lea sy Bila ary ny zanak'i Zilpa, vadin'i Jakoba rainy ; ary i Josefa nitati-bolana tamindrainy.

Hira :
Fanilon'ny tongotro
Sy fanazavana koa
Ny lalako ny Teninao
Andriamanitra o

Ny fianakaviana
Maro havana

- An'iza lehitsy ity bisikileta kely ity ? hoy i Naivo.
- An'i Bema, zanaky ny nenitoanay, hoy i Mora.
- Manao inona ao aminareo izany olona izany ?
- Avy hitsidika anay noho ny faran'ny taona. Amin'ny alahady, ho avy koa ny rahalahin'i Dada sy ny vadiny ary ny zanany. Mipetraka any Belo ry zareo.
- Aiza daholo izany olona izany no hatory ? hoy i Naivo gagagaga.
- Manao ladina an-tany.
- Be havana koa ianreo izany !

Hira :ny Teninao masina, mitarika anay, handresena ny devoly, izay fahavalonay.

Enti-mody
Tsianjery : dada malala sy neniko izay
Tetiharana Josefa
Tetiharana Bema